Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay lehilahy manankarena sy ilay lehilahy mahantra

Nosoratan'i: Edward Hughes
Sarin'i: Alastair Paterson; M. Maillot; Lazarus
Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.
Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar
Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

BFC
PO Box 3
Winnipeg, MB R3C 2G1
Canada

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Fantatr'i Jesoa fa marobe ireo lehiben'ny fiangonana no tia vola mihoatra noho ny fitiavany an'Andriamanitra. Nitantara ny zavatra niseho tamin'ny lehilahy anankiroa Izy, ary nanazava ny antony tsy ilaina ny fananana harena be raha tsy manana an'Andriamanitra eo amin'ny fiainana. Tsy voavidy vola mantsy ny fiainana mandrakizay any an-danitra,

eo anilan'-
Andriamanitra.

Nisy lehilahy mpanankarena iray, izay niakanjo fitafy tena lafo vidy tokoa. Nitafy toy ny mpanjaka izy.



Nanarampo tamin'ny sakafo ity lehilahy mpanankarena ity. Isaky ny mihinana izy dia fety foana. Manambola be izy ka afaka mividy izay rehetra tiany hohanina atao sakafo maraina, sakafo atoandro ary sakafo hariva. Eny fa na ny atao sakafo maivana koa aza.

Nisy mpangataka anankiray izay, sady marary no noana, nipetraka teo anoloan'ny vavahadin'ny tranon'ity lehilahy mpanankarena ity. Lazarosy no anarany.



Ferena be i Lazarosy mahantra.
Angamba misy aretina ratsy
mahazo azy. Sa ve novonoin'olona
izy ary dia feno mangana sy
dian-kapoka daholo ny vatany?
Sa tsy ampy sakafo toy ny hena,
ronono, legioma isan-karazany dia
manjary lasa feno fery?

Noana mafy
i Lazarosy.
Naniry ny
mba hihinana
izy eny na
dia avy
amin'izay
latsaka eny
amin'ny
latabatr'ilay
mpanankarena aza.

Indraindray misy alika mpirenireny ireny tonga milelaka ny ferin'ilay mahantra tsy misy mpiantra. Miofona ny manodidina azy izy ireo, ary milelaka ny feriny. Tsy misy na olona iray aza miraharaha an'i Lazarosy sy ny hanoanany.

Indray maraina, tsy nifoha intsony Lazarosy. Nandao ity fiainana ity ilay mpangataka mahantra tsy nisy mpijery. Maty izy.

Ho an'i Lazarosy, nanomboka teo amin'ny fotoana nahafatesany ny fahasambarana. Nilaza i Jesoa fa nisy anjely nitondra an'i Lazarosy ho eo akaikin'i Abrahama. Nampionona an'i Lazarosy Andriamanitra.



Maty ihany koa ilay lehilahy mpanankarena. Tsy nahavonjy ny ainy ny volany rehetra. Rehefa ho avy ny fahafatesana, tsy misy mahasakana azy.

Voalevina ilay lehilahy mpanankarena. Angamba tena nakotroka mihintsy ny fandevenana azy. Angamba maro be ireo olona tonga nanome voninahitra azy farany noho ny fahaizany sy ny harenany. Saingy tsy nanampy azy na kely akory aza izany fanomezam-boninahitra izany. Tany amin'ny afo be no niafarany.



Tany amin'ny afo be, nitomany ilay lehilahy mpanankarena: "Abrahama, raiko o!, alefaso Lazarosy mba hanantsoboka ny lohandran-tsatanany ao anaty rano mba hampangatsiatsiaka ny lelako fa tena mijaly aho ato anatin'ity lelafo ity."

Abrahama niteny taminy
ka nanao hoe: "Ampoky ny
soa ianao fony fahavelona,
fa i Lazarosy kosa tsy
nanana n'inona na inona."
"Ankehitriny anjaran'i
Lazarosy indray no
ampifaliana, fa ianao kosa no
fadiranovana. Tsy misy olona
afaka miampita ity hantsana
be manelanelana
antsika ity."



"Raha izany ary iraho Lazarosy mba hampitandrina ireo rahalahiko anankidimy" hoy ilay lehilahy mpanankarena nitalaho. "Tsy sitrako ny hiafaran'izy ireo ato amin'ity toeram-pijaliana ity."





Namaly azy i Abrahama anao hoe: "Manana ny Tenin'Andriamanitra ny rahalahinao". Raha tsy mankato ny Baiboly izy dimy mirahalahy, dia tsy mba hino na dia hitsangana velona aza i Lazarosy.

Nanontany tena angamba ireo lehiben'ny fiangonana, rehefa tapitra ny fitantaran'i Jesoa ny amin'ilay lehilahy mpanankarena sy Lazarosy, hoe: "Tia ny harenako mihoatra noho ny fitiavako an'Andriamanitra ve aho?" Amin'izao anio izao efa fantatr'izy ireo ny hanjo azy raha tsy manaraka ny Tenin'Andriamanitra izy.



Ilay lehilahy manankarena sy
ilay lehilahy mahantra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Lioka 16

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130


Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16